ALAKAMISY MASINA - TAONA D2022

Dia fara fitiavana no nataony taminy»

Ry Kristianina havana, izao Alakamisy Masina izao no anombohantsika ny Hateloana Masina izay mitondra antsika amin'ny fankalazana ny paka izay antsointsika hoe Tridiuum Pascal, telo andro hankalazantsika ny famonjena antsika ka hiampitantsika miaraka amin'i Jesoa amin'ny fiainana vaovao, fahariana vaovao, olombaovao, FIAINGANA VAOVAO hoy isika amin'izao Sinaody izao. Izany no ankalazaintsika amin'ny Asabotsy masina rehefa avy namakivaky izao karemy izao izay niadiantsika tamin'ny ratsy, ady amin'ny fahotana izay manapotika ny fiainantsika, ADY AMIN'NY RAFI-PAHOTANA , hoy isika raha mandinika ny fiainantsika. Rafi-pahotana satria maro ny tsy mahatsapa ka mihevitra fa "normaly". Nefa indrisy tena manapotika antsika vokatry ny lojikan'izao tontolo izao. Raha lojika tokoa dia tokony hitondra amin'ny tsara nefa indrisy milaza miara-mahita isika fa noho io lojikan'izao tontolo izao izay "mikolokolo" fahafatesana. Misy ny tokoa fahotana vokatry ny rafitra efa mipetraka ka manapotika mihintsy ny fiaraha-monina misy antsika. Ireny no tsy maintsy tilintsika, tsy maintsy sivantsika amin'izao Herinandro Masina mitondra antsika amin'ny Paka, amin'izao Sinaody izao. Ady amin'ireny ratsy rehetra ireny no tsy maintsy ataontsika. Tsy inona ireo ratsy manapotika antsika fa ny tsy rariny. Ady amin'ireny fanilikilihana ny hafa ireny. Ady amin'ny fitapitaka sy ny risoriso. Ny fandresen'i Kristy kosa izay mitariaka antsika amin'ny lojikan'Andriamanitra dia mitondra antsika amin'ny fihavanana marina izany hoe ilay fihavanana sady kristianina no malagasy, amin'ny fandriam-pahalemana, amin'ny fifankatiavana ka hitondra ny tena fiadanana ao Aminy nandresy ny ratsy rehetra izay Dia mankany amin'ny fiainam-baovao hanorenantsika ny tranoben'Andriamanitra

Vakiteny I : Eks. 12, 1-8, 11-14
Tononkira : Salamo 115
Vakiteny II : 1 Kôr. 11, 23-26
Evanjely : Jo. 13, 1-15

misy antsika. Izany no ankalazaintsika amin'izao hateloana masina manomboka amin'izao Alakamisy masina izao. Isaky ny manao fankalazana isika dia maro ireo famantarana, endri-javatra na symbole hanehoantsika ny fankalazana ka manentana antsika rehetra amin'izao hateloana masina izao hibanjina ary handray anjara amin'ny alalan'ireo vavaka sy fihetsika sy famantarana izay ataontsika mianakavy, ataontsika amin'ny alalan'ny litorjia fanompoana an'Andriamanitra. Asan'Andriamanitra ny litorjia, izany heo asantsika vahoakan'Andriamanitra ka amin'izao hateloana masina izao no tena misongadina ny maha asantsika vahoakan'Andriamanitra azy izay anasana antsika hirotsaka tokoa fa tsy sanatria ho mpitazana fotsiny na mpitan-damba . Izany no mahatonga antsika manomana izany fankalazana izany ka mirafitsara tsara ny litorjia.

Amin'izao Alakamisy masina izao dia zavatra telo no hifampizarana amintsika miainga amin'ireo famantarana asehontsika satria fankalazana no atao ka hivelomantsika izay inoantsika, izany ny asan'ny Fanahy Masina ka mahatonga ny litorjia ho asan'Andriamanitra.

Ny voalohany dia ny fanasan'i Jesoa ny tongotry ny mpianany izay hita ao amin'ny Evanjely nosoratan'I Md Joany mandritra ny sakafo mialoha hanoloran'i Jesoa tena. Md Joany tsy nanoratra ny mikasika ny fanorenana ny Eokaristia fa ny fanasana tongotra no napetrany tamin'ny sakafo farany izay tsy midika hoe tsy nisy ny fanorenana ny Eokaristia fa io no tian'i Md Joany asongadina : "*Fantatr'i Jesoa fa tonga ny fotoana hialany amin'izao tontolo izao ho any amin'ny Ray, ka rehefa notiaviny tokoa ny azy izay amin'izao tontolo izao, dia fara fitiavana no nataony taminy …….dia nitsangana teo am-pihinana Izy ; napetrany ny lambany, nalainy ny lamba famaohana ka nisikinany; rahefa izany, nampidina rano tamin'ny tavy Izy, dia nanomboka nanasa ny tongotry ny mpianatra, sy namaoka azy tamin'ny lamba nisikinany."*

Izany no anambarany fa tsy tonga mba ho tompoina Izy fa hanompo, tiany ho tsapan'ireo mpianatra fa ny fanompoana no làlam-pamonjena. Io ny lojikan'Andriamanitra ary io irery ihany miaraka amin'ny fahafoizana no afahana manorana rafitra mitondra amin'ny fivelarana ny maha zanak'Andriamanitra, amin'ny fivelaran'ny mahaolona manontolo sy olon-drehetra. Ny manankorontana ny fiainantsika dia ny tsy fananantsika ny toe-panahy manompo sy mahafoy. Ady sady Dia ny fiainana satria noho ny fahotana dia ny lojikan'izao tontolo no manjaka izay tsy inona fa ny fitiavan-tena, ny avonavona, ny fialonana. Mila fiovam-penitra mahery vaika mitondra antsika amin'ny fibebahana. Tsy tanterka raha tsy vonona hamolan-tena isika. Ady tsy maintsy tanterahana mba ho afaka manompo. Izany no nahatonga an'I Jesoa ho tonga nofo ka nampianatra antsika ny lalana. Tsy manao kobaka ambava izy fa nivelona izay nampianariny izy. Natory antsika nytena fitiavana, ny fahafoizana vokatry ny famolahan-tena. Tiany ho fantatry ny mpianany fa ny fanompoana no famantarana sy làlam-pamonjena. Io no ankalazaina amin'izao Alakamisy Masina izao ka tsy maintsy zary fiainana fa tsy fahatsiarovana fotsiny. Io no mitondra antsika amin'ny "depart vaovao" irintsika amin'ny Paka ary mitondra antsika amin'ny Sinaody

"Ataovy izao ho fahatsiarovana ahy", "Ianareo manao Ahy hoe Mpampianatra sy Tompo, ary marina ny filàzanareo; fa izany tokoa Aho. Ka raha Izaho Tompo sy Mpampianatra aza nanasa ny tongotrareo, ianareo samy ianareo koa dia tsy maintsy hifanasa tongotra; satria nomeko fianarana ianareo mba hanaovanareo toy ny nataoko taminareo". Izany no tian'I Jesoa ho tsapantsika, raha tiantsika ny hiditra amin'ny famonjena marina, raha tiantsika ny ho olombaovao, ho zava-boahary

vaovao handresy ny fahotana dia ny fanompoana no lalana. Marina izany satria raha manana izany toe-panahy izany isika dia miova ny fifandraisantsika amin'ny zavaboaary, tsy hanapotika intsony isika fa hikolokolo. Hiova ny tontolom-piainantsika andavanandro, tsy hifanapotika isika fa hifanasoa hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana ka hitondra antsika amin'ny fampandrosoana ny olona manontolo sy ny olon-drehetra, hiova koa ny tontolom-pinoantsika satria manompo an'Andriamanitra tokoa isika. Resy ilay "rafi-pahotana" fa rafi-pivelarana no mandrafitra ny fiainantsika. Rafitre eokaristika

Ny faharoa tiako zaraina dia ny fanorenana ny Eokaristia izay namaranako ny fampianarana voalohany. Matetika isika mamerimberina mba ho TABERNAKALA VELONA. Rehefa mankalaza ny Eokarisitia isika dia fantantsika fa ny vatan'I Kristy no raisintska. Natolony ho antsika ny vatany vokatry ny fanompoana ka noho izany manambara fa tsy fihetsika fotsiny ny eokaristia ho antsika fa tahaka antsika marobe miainga marobe avy any an-trano ka miditra ao an-deglizy ka miaraka mankalaza ny Eokaristia sy mandray manao kominio fiombonana, hitantsika fa nanova io ho mofo dia vokatry ny asantsika. Izany no tian'i Kristy hampahafantarana antsika sy iainantsika fa fiombonana ny Eokaristia. Izany no hahazoantsika koa ny famonjena ary ho zary fanekem-pihavanana hahatonga antsika ho iray aina amin'I Kristy, ho oloaraiky ao amin'I Kristy ka zanak'Andriamanitra isika. Manorina ny Eglizy Olo velona ny Eokaristia izany no dikany koa "komonio" raisintsika. Marina mandray an'I Kristy isika tahaka an'I Masina Maria nandray an'I Jesoa rehefa no lazain'ny Anjely fa tahaka an'I Masina Maria miombona amin'ny olombelona vonjen'I Jesoa dia isika miombona ho Eglizy Olona Velona ka irahina ho Tabernakla Velona mizara an'I Krsity amin'ny manodidina antsika ary manova ny rafitra mba ho rafitra arak any lojikan'Andriamanitra. Izany no Paka ho antsika ary Izany ny Sinaody ankalazaintska

Ny fahatelo dia ny Eokaristia fanorenana, izay ankalazaintsika amin'ny Alakamisy masina izao satria izao no andro misantatra an'ilay fanoloran-tenan'i Jesoa amin'ny lakroa ka mahatonga antsika ho zava-boahary vaovao ho olom-baovao mahatonga ny fihavanana vaovao, fanekem-pihavanana vaovao ka ny ain'i Kristy sy ny rà nalatsany no fanorenana. Fampianarana ho antsika izany isaky ny mankalaza ny Eokaristia isika dia zary Eglizy Olona Velona isika manorina Eglizy Tranon'Andriamanitra, manorina Tranobe Iombonana izay potica tokoa Fanorenana, fanompoana vokatry ny fifampizarana, vokatry ny fahafoizana sy ny fandraisana an-tànana ary ny fiombonana amin'Andriamanitra. Izany no antenaintsika fa indrindra amin'izao ezaka ataontsika mba ho génération mpanorina izao ka ity Paka ity anie hanampy antsika hiroso lalindalina kokoa hatrany amin'izany fanorenana izany ka hahatonga antsika arak any teny fanevan'ny Sinaody : EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Izany no ankalazaintsika amin'izao Alakamisy masina izao. Enga anie isika hiombona bebe kokoa hatrany amin'I Kristy ka zary zava-boaary vaovao manorina tontolo iainana vaovao, manorina tontolom-piainana vaovao, manorina tontolom-pinoana vaovao.

Ry Jesoa Tompo ô tamin'ny Alakamisy masina Ianao no nanolotra ny Eokaristia voalohany ary nanorina ny Eglizy izay tanteraka eo amin'ny fanoloran-tenanao amin'ny Zoma masina. Koa afaho ny fonay, esory ao aminay ireo vato misakana vokatry ny fahotana. Enga anie mba hanjaka bebe kokoa ao am-ponay ny ohatra velona nomenao anay ka vonona izahay hifanasa tongotra, izany hoe hifanasoa, hifanompo amin'ny ataonay rehetra ary hifampizara ka handresy ireo sakana rehetra fa

hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana mba ho tonga tena generation mpanorina tokoa izahay. Tsy ny fihetsika fotsiny no kendrenay rehefa mankalaza ny Eokaristia izahay fa ho zary mofon'aina mamelona anay tokoa anie ny Eokaristia ankalazainay ka hitondra fanampiana sy hery hahatonga anay ho fanasina sy fahazavana eo anivon'ny fiaraha-monina. Izao Tridium Pascal izao anie hitondra anay bebe kokoa amin'ny fankalazana ny Paka ka ho zary olom-baovao ao Aminao tokoa izahay . Masina Maria teo mandrakariva naira-dalana amin'ny Eglizy ampio izahay hanana fo vonona mahafoy tahaka anao ka vonona hanompo fa izany no lalam-pamonjena ho anay. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy erantany mivavahà ho an'ny Ray rehetra sy ireo Tompon'andraikitra rehetra mba hahay hanararaotra amin'izao hateloana masina hihavao ka vonona hahafohy sy hanompo ho fanasoavana ny hafa ho fanatsara ny rafitra. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson